# Ilay Voa Tsara Nafafy 23 Jona 2018

**23** **Asabotsy**
jona

**Tsy fantany *(fantatr'i Mosesy)* ho namirapiratra ny hoditry ny tavany noho ny nitenenany taminy *(tamin' Andriamanitra).*** Eksodosy 34. 29

**Efa mazava ao amin'ny Tompo kosa [ianareo] ankehitriny; mandehana tahaka ny zanaky ny mazava … mamantatra izay ankasitrahin'ny Tompo.**
Efesiana 5. 8, 10

**Diamondra sa saribao ?**

Nahoana ny diamondra no sokajiana ho anisan'ny vato sarobidy tsara indrindra ? Noho ny tarany sy ny famirapiratany. Hita ao amin'ny tarany avokoa ny loko rehetra eny amin'ny avana. Mahavariana fa ny saribao koa dia manana ny fangaro simika mitovy tanteraka amin'ny an'ny diamondra. Ny filahatry ny atôman'ny karbona irery no hany maha samy hafa azy ireo. Saingy tsy hisy olona hanome peratra fifamofoana misy silaka saribao ! Inona àry no maha samy hafa ny saribao sy ny diamondra ? Irỳ voalohany dia mitelina ny hazavana ka tsy mamerina na inona na inona, fa ny diamondra kosa dia manaiky hotetezin'ny hazavana ary mamerina ny taratr'izany.

Ary isika, sombina saribao ve isika, sa sombina diamondra ? Isika ve toy ny saribao, ka misintona sy mitelina ny hazavana, mandray zavatsoa, mahazo tombontsoa amin'ny raharaha atao, nefa tsy mba misaotra an'Andriamanitra na ny hafa mihitsy ? Isika ve variana amin'ny tenantsika, ka tsy mitodika amin'ny hafa ?

Andriamanitra dia te hanala antsika amin'ny fitiavan-tenantsika ara-boajanahary, mba hisokafantsika amin'ny fitiavany. Noho izany isika dia tokony hanaiky hamela ny fitiavan'i Jesosy sy fahazavany hitety antsika. Dia ho afaka maneho ny toetrany isika, ary hanambara ny momba Azy ny fiainantsika. Raha mifandray akaiky isanandro amin'ny Mpamonjintsika isika, dia ho afaka mampamirapiratra, toy ny diamondra, izay zavatra ateraky ny Tompo ao anatintsika, na tsy tsapantsika aza izany matetika, dia ny „fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-p, fahamoram-panahy, fanao -van-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononampo" (Galatiana 5. 22, 23).